# TATITRY NY FILAN-KEVITRY

# NY MINISITRA

**Talata 07 jolay 2026 - Lapam-panjakana Iavoloha**

## I. FAMPITANA AM-BAVA

### FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Notapahina nandritra ny Filan-kevitry ny Minisitra ny handraisana fepetra hanakanana ireo tranonkala maneho sy manaparitaka sary sy sarimihetsika mamoafady izay voamarika fa manohintohina ny filaminam-bahoaka, mifandraika amin'ny fitondrantena mendrika amin'ny fiainana andavanandro. Mibaribary fa mahatonga ny firoboroboan'ny karazana tsy fandriam-pahalemana mitranga eto amin'ny Firenena ny fisian'ireo tranonkala ireo. Hifandrimbona ireo Minisitera sy masoivohom-panjakana voakasika rehetra amin'ny fanatanterahana izany.

### MINISITERAN'NY FOLOALINDAHY + MINISITERAN'NY FILAMINAM-BAHOAKA + MINISITERA DELEGE MISAHANA NY ZANDARIMARIAM-PIRENENA

- Nohamafisina ireo fepetra noraisina hiarovana ny zaza malagasy manoloana ireo fangalaran-jaza mifanesy miseho eto amin'ny Firenena.

## II. FANDRAISANA DIDIM-PANJAKANA

### FIADIDIANA NY FANAVAOZANA NY REPOBLIKA

- Nolanina ny didim-panjakana anekena ny Antenimieram-pirenena hanao fivoriana tsy ara-potoana.

**MINISITERAN'NY FAMPIROBOROBOANA NY HAITAO ARA-KAJY MIRINDRA, NY PAOSITRA SY NY FIFANDRAISAN-DAVITRA**

- Nolanina ny volavolan-dalàna mikasika ny ady atao amin'ny heloka ana habaka (*cybercriminalité*).

***Antananarivo, 07 jolay 2026,***

***Rahajason Harry Laurent***
***Talen'ny Serasera***
***eo anivon'ny Fiadidiana ny Fanavaozana ny Repoblika***